TOMBAN'EZAKA VOAFINTINA MOMBA

# NY FANDAHARAN'ASA IRAISANA «FANABEAZANA HO AN'NY REHETRA» ETO MADAGASIKARA (2015-2021)

## Famintinana fohy

## Vaovao tselatra

**Firenena :** Madagasikara

**Vanim-potoana fanaovana tomban'ezaka:** Aprily - Novambra 2022

**Ekipa mpanao tomban'ezaka :** EuroPlus Consulting & Management

**Mpandrindra ny tomban'ezaka:** Sampana mpanao tomban'ezaka, UNICEF Madagascar

**-8%** Tahan'ny famerenan-taona

**27%** Taham-pahombiazana amin'ny fanadinana CEPE[1]

**16%** Tahan'ny fisoratana anarana

**Vondrona nanara-maso ny tomban'ezaka :** UNICEF Madagascar, Nairobi, Sampana sy vondrona mpanao tomban'ezaka, Sampana Fanabeazana; PAM, Madagascar, Departemantan'ny fiahiana ara-tsakafo an-tsekoly; OIT, Madagasikara, Afrika Atsimo, Departemanta misahana ny fanaovana tomban'ezaka ary Departemanta misahana ny fanorenan-tsekoly; Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena (MEN), Sekretera jeneraly, Sampandraharahan'ny Fandrindrana, Fitantanana, Fanaraha-maso ary Fandalinana (SCPSE); Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF), ny Departemantan'ny Fandrindrana sy ny Fanaraha-maso ary ny Fanombanana ny Fandaharan'asa ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (DCSEP); Biraon'ny Masoivohon'ny fanjakana Norveziana

**Teti-bolan'ny fandaharan'asa voatombana:** 34,4 tapitrisa USD (Norvezy)

**Teny fototra:** Atsimon'i Madagasikara, fidirana an-tsekoly, kalitaon'ny fampianarana, toeram-pisakafoanana an-tsekoly, fanorenana, asa mendrika, fanamafisana ny rafitra, FEFFI

## Kaonteksta

Tombanana ho 26 tapitrisa eo ho eo ny mponina eto Madagasikara; izy anefa dia iray amin'ireo firenena izay manana isan-jato ambony indrindra amin'ny fananana mponina miaina anaty fahantrana lalina. Isaky ny ankizy malagasy 100 teraka dia 15 ihany mantsy no afaka ho any amin'ny akanin-jaza, 76 any amin'ny sekoly ambaratonga fototra, 27 eny amin'ny ambaratonga faharoa ary 13 eny amin'ny lysea. Ny tahan'ny fahavitana ny sekoly ambaratonga voalohany dia 69 isan-jato tamin'ny taona 2012 ary lasa 56 isan-jato izany tamin'ny taona 2018. Tsy ampy fahaizana mampianatra ny mpampianatra na tsy tonga mampianatra. Noho izany dia tsy mahazo fahalalana ireo ankizy, eny fa na dia ireo mandeha any an-tsekoly aza. Amin'ireo ankizy 7 ka hatramin'ny 14 taona, fito isan-jato monja no mampiseho fahaiza-manao fototra amin'ny matematika ary 23 isan-jato eo amin'ny famakian-teny.

Ny olana lehibe manakana ny fanatrarana fianarana ara-drariny sy manara-penitra dia (i) ny fisian'ny fifandraisana voafetra eo amin'ny tolotra sy ny tinadin'ny tokantrano, (ii) ny fetran'ny fahafahan'ny rafitra manome traikefa amin'ny fianarana mahomby, (iii) ny toe-javatra eo amin'ny tontolo manodidina izay mahatonga ny ankizy tsy vonona hisitraka ny traik'efa azo amin'ny fianarana, ary (iv) ny fitantanana sy fitantanam-pitondrana tsy mahomby sy tsy mitondra vokatra eo amin'ny rafi-pampianarana.

Vao mainka miharatsy ny toe-draharaha any atsimon'i Madagasikara, indrindra fa any amin'ireto faritra telo ireto : Androy, Anosy ary Atsimo Andrefana. Ankoatra ny maha-faritra manana olana ara-foto-drafitrasa azy ireo, ireo faritra ireo dia niaina hain-tany ratsy indrindra izay tsy mbola nisy toa azy tao anatin'ny folo taona ihany koa nanomboka ny volana desambra 2019.




Tsy fanjarian-tsakafo Aprily hatramin'ny Septambra 2021, IPC Aprily-Desambra 2021 (Mey 2021)

1: Certificat d'étude primaire élémentaire

# NY FANDAHARAN'ASA

Ny fandaharan'asa iraisana (PC) "Fanabeazana ho an'ny rehetra" dia natao ho fandaharan'asa mahasahana sehatra maro. Raha tsy misy fanovana ny tanjony, ny vina ankapoben'ny PC dia mikendry ny hamaly, amin'ny fomba mifameno, ireo sehatra telo laharam-pahamehana voalaza ao amin'ny Drafi-panabeazana vonjimaika 2013-2015 (PIE) sy ny Teti pivoarana ho an'ny Sehatra Fanabeazana (PSE) , izay mifanindran-dàlana aminy.

Ny paik'adin'ny PC dia miavaka amin'ny fandrindrana iraisan'ny masoivoho izay ataony. Miaraka amin'ny PC izay iraisan'ny OIT, ny PAM ary ny UNICEF dia natsangana ny sehatra fandraisana anjaran'ny sehatra maro isan-karazany mba hanatsarana ny toe-piainan'ny fianakaviana (fiarahamonina), toeram-pianarana sy ny mpampianatra, ary koa ny andrim-panjakana. Ny PC dia mikendry ny hanome fahafaham-po ny filàn'ireo ankizy sy tanora marefo indrindra mba hampiroboroboana ny fitomboany sy ny fivoarany manontolo.

Ny OIT, ny PAM ary ny UNICEF dia niara-niasa, indrindra teo amin'ny sehatry ny sekoly sy ny fiarahamonina, eo amin'ny lafin'ny fampidirana ireo asa fanorenana (efitrano fianarana, trano fidiovana, sekoly), famoronana asa sy fanofanana mpiasa, fidiram-bola mendrika, fampiatiana, fiahiana ara-tsakafo sy ara-pahasalamana (Teboka Laharam-pahamehana 1).

Tafiditra ao anatin'ny PC ihany koa ny fandraisana andraikitra amin'ny fanamafisana ny rafitra stratejika sy ny fanatsarana ny sata, ny fahaiza-manao ary ny fahaizan'ny mpampianatra (Teboka laharam-pahamehana 2), ary koa ny fidirana an-tsehatra amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny andrim-panjakana (Teboka laharam-pahamehana 3).

Isaky ny teboka laharam-pahamehana tsirairay, ny PC dia mikendry ny hanamafisana ny tamberin'andraikitra ara-tsosialy amin'ny vondrom-piarahamonina, ny hampitombo ny fandraisan'anjara/ny fahafaha-manaon'ny olom-pirenena ary ny mangarahara mba hanatsarana ny fahombiazan'ny sekoly, ny tontolo fianarana, ary farany, ny vokatra. Ny fomba fiasa voalaza etsy ambony dia natao mba hahazoana ireto vokatra manaraka ireto :

- **Vokatra 1:** Fanatsarana ny fidirana sy fijanonana an-tsekoly (hetsika eo anivon'ny sekoly, ny fianakaviana ary fiarahamonina).
- **Vokatra 2:** Fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana sy ny fianarana any amin'ny sekoly ambaratonga fototra (hetsika eo anivon'ny rafi-pampianarana sy ny mpampianatra).
- **Vokatra 3:** Fanamafisana ny andrim-panjakana (hetsika eo anivon'ny mpampianatra sy ny mpandraharahan'ny MEN).

Ity tomban'ezaka ity dia mikendry ny handrefesana ny zava-bitan'ny fandaharan'asa iombonana (PC) «Fanabeazana ho an'ny rehetra», manomboka amin'ny voalohan'ny volana oktobra 2015 hatramin'ny 31 desambra 2021, mba hahazoana antoka fa efa tratra na efa eo an-dàlam-panatrarana ny tanjona. Ilay tomban'ezaka dia narafitra hifanaraka amin'ny fenitra fanaovana tomban'ezaka ao amin'ny OCDE-CAD: ny lanjany, ny firindrany, ny fahombiazany, ny fahazoam-bokany ary ny faharetany. Ny lafin'ny zon'olombelona, ny maha-lahy sy vavy ary ny fitovian-jo dia nampidirina miaraka tao.

# FOMBA FIASA

Ny tomban'ezaka dia nanambatra ny fomba fanangonana angon-drakitra ara-tarehimarika sy ara-kalitao mba hiantohana ny fampifandraisana sy ny fankatoavana azy ireo ary koa mba ahafahana mahazo toky amin'ny vokatra azo (angona maivan-danja kokoa, tahirin-kevitra an-gazety, dinidinika voarafitra amin'ny ampahany, fifanakalozan-kevitry ny vondrona, fandinihana eny an-toerana).

Nanomboka ny 13 ka hatramin'ny 30 jona 2022 ny hetsika fanangonam-baovao samihafa tany amin'ireo faritra telo kendrena sy faritra roa atao môdely.

Mba hamaliana ireo fanontaniana momba ny tomban'ezaka, araka ny fitsipiky ny fitsarana, ny famakafakana ny angon-drakitra dia nampiasa teknika ara-kalitao (fanadihadiana votoaty sy famakafakana fampitahana) sy teknika ara-tarehimarika (statistika famariparitana sy miainga amin'ny fampitahana). Ny zava-drehetra dia nodinihina tamin'ny alàlan'ny fampiasana fomba fiasa fandinihana tsikelikely ny fampifandraisana fikarohana araka ny nofaritan'i Creswell (2003).

# VOKATRA SY TSOA-KEVI-DEHIBE

## NY LANJANY

Ny tanjaky ny PC dia miankina amin'ny lanjany lehibe, eo amin'ny filàna sy ny laharam-pahamehana amin'ireo mpahazo tombontsoa, amin'ny lafiny iray, ary eo amin'ny lesoka mahakasika ny fahaiza-manaon'ny andrim-panjakana misy, amin'ny lafiny iray hafa, sy ny filàna fampitomboana fahaiza-manao amin'ny ambaratonga rehetra ao amin'ny rafitra MEN, indrindra amin'ny ambaratongam-pitantanana.

Raha mahakasika ny fahalemeny indray dia miseho amin'ny ambaratonga roa izy ireo: (i) eo amin'ny sehatry ny drafitra stratejika, ny PC dia tsy nanomana teoria momba ny fiovana tamin'ny fotoana namolavolana azy teny am-boalohany. Ambonin'izany, tsy dia mazava loatra ny famaritana an-tsarintany ny fifamenoan'ireo asa fandraisana andraikitr'ireo masoivoho telo ary tsy nisy ny drafitry ny asa iombonana amin'ny antsipiriany. (ii) Na dia manan-danja amin'ny sehatry ny tsy fanjarian-tsakafo miverimberina mihatra amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara aza ny programa «toeram-pisakafoana an-tsekoly» tarihin'ny PAM, ny fandefasana sakafo sy ny vahaolana toeram-pisakafoana an-tsekoly «manara-penitra sy tokan-drefy» dia tsy azo ampiharina raha tsy ho an'ny fidirana an-tsehatra vonjimaika ihany, sy voafaritra mialoha (mifototra amin'ny famakafakana ny filàna nohavaozina tsy tapaka) ary tafiditra ao anatin'ny fidirana an-tsehatra mifameno.

## FIRINDRAN-KEVITRA

Mifanaraka tanteraka amin'ny paikady sy laharam-pahamehana eto Madagasikara novolavolaina sy naroson'ny PIE sy ny PSE ny PC, ary koa amin'ireo fandaharan'asa/tetik'asa/mpiara-miombon'antoka amin'ny sehatry ny fanabeazana, indrindra ny any atsimon'i Madagasikara (PAUT 2013). -2017, PAUSENS 2012-2016, JICA 2021-22, PASSOBA 2013-2018). Ny PC ihany koa dia mifameno amin'ny fandaharan'asan'ny tambajotra sosialy izay tanterahin'ny Tahirim-bola ho an'ny Fampandrosoana (FID), karakarain'ny MPPSPF, ary vatsian'ny Banky iraisam-pirenena. Fanampin'izany, ny fiatrehana eny ifotony sy ny fahaizany miatrika ireo anton-javatra ivelany (ny valan'aretina, ny fiovan'ny toetr'andro/hain-tany, ny tsy fanjarian-tsakafo, ny tsy fahaiza-mitantan'ny MEN) no tanjany.

## FAHOMBIAZANA

Naneho ny fahombiazany ny PC, tsy teo amin'ny fanohanana ny fahaiza-mitantan'ny DREN (ambaratonga isam-paritra) sy eo amin'ny sehatry ny sekoly sy ny vondrom-piarahamonina ihany, fa teo amin'ny fanohanana ny fanofanana mpampianatra amin'ny lafin'ny fampianarana eny anivon'ny sekoly sy ny talen-tsekoly amin'ny lafin'ny fitantanan-tsekoly koa. Ankoatra izay dia nandray anjara tamin'ny fanatsarana ny fidirana an-tsekoly ihany koa ny PC. Mikasika indrindra ny fijanonana an-tsekoly, nisy fiantraikany tsara ny PC nohon'ny fitomboan'ny isan'ny efitrano fianarana eny amin'ny sekolim-panjakana fototra (EPP) sy ny fitomboan'ny isan'ny mpandraharaha any amin'ny faritra samihafa izay nidirana an-tsehatra.

Nanamora ny fidirana an-tsekoly ho an'ireo manana fahasembanana ny fananganana trano misy fidinana miraika. Ireo fanorenana, anisan'izany ny efitra fandroana ho an'ny zazavavy, sns, dia natao hahatohitra rivodoza. Ny fanofanana amin'ny asa sy ny famoronana asa (tsy maharitra) ho an'ny tanora no anisan'ny nandraisan'ny fandaharan'asa anjara ho fanohanana ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina, amin'ny alàlan'ny asa mampidi-bola. Ny fanatanterahana ireo tolotra isan-karazany ireo, eny fa na dia ireo tolotra omen'ny PC sy amin'ny alàlan'ny PC aza, dia nokarakarain'ny Programme Officer Terrain ao amin'ny UNICEF (POT) ao anatin'ny rafitra fanaraha-maso mahomby izay mampivelatra ny fahaizan'ny DREN amin'ny fahaiza-mitantana. Nisy fiantraikany tsara teo amin'ny taham-pisoratana anarana sy ny taham-pahandehanan'ny mpianatra an-tsekoly ny fananganana toeram-pisakafoanana an-tsekoly.

Na izany aza, tsy dia nahomby loatra ny PC raha jerena ny vokany eo amin'ny salan'isan'ny mpianatra isaky ny mpampianatra, izay mbola mijanona ho ambony. Ny olana iray hafa koa dia ny fahavitsian'ny sekoly nahazo tohana amin'ny fanorenana, izay niteraka tsy fitoviana teo amin'ireo toeram-pianarana (mpahazo tombontsoa sy tsy mahazo tombony) any amin'ireo faritra voakasika.

## FAHAZOAM-BOKATRA

Ireto avy ny tena tanjaky ny PC amin'ny lafiny fahazoam-bokatra a) ny tetibola dia voalamina tsara noho ireo loharanom-bola natokana ho an'ny vondrona hetsika tsirairay; ary b) ny saran'ny asa fidirana an-tsehatra tsirairay izay mora na ambany kokoa, indrindra fa ny saran'ny fananganana efitrano fianarana ho an' ny PC, izay ambany noho ny any amin'ny firenena Afrikana hafa toa an'i Burundi.

Na izany aza, ny PC dia manana fahalemena sasany. Ohatra, hatramin'ny namoronana azy, ny «fomba fiasa iombonana» dia tsy misy tondrom-pivoarana, hany ka lasa manasarotra ny fandrefesana ny kalitaon'ny fizotran'ny fampiharana. Ankoatr'izay, eo amin'ny toeram-pisakafoanana any an-tsekoly dia mbola tsy voadinika tsara ny resaka fisakafoanana an-tsekoly miainga avy amin'ny zavatra azo vidiana eo an-toerana (ASBAL) talohan'ny nampiharana azy, ka tsy nanome lanja ny olana misy eo amin'ny tsena sy ny toerana hisintonana vola izany teny am-piandohana. Fanampin'izany, ny mety hisian'ny fanatanterahana izany dia tokony ho efa nisy tetibola tany am-boalohany ao anatin'ny antontan-taratasy momba ny tetik'asa.

Farany, ny fifamenoan'ireo tantsoroka nomena dia niantoka ny fiaraha-miasa faran'izay kely indrindra vokatry ny fifamenoan'ireo fandaharana. Na izany aza, ireo fiaraha-miasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamam-bahoaka sy ny asa, ary koa ny fiantraikany tsara eo amin'ny toe-karena eo an-toerana, ny kalitaon'ny fanabeazana ary ny fandrosoana eo amin'ny fianaran'ny mpianatra, dia mety ho azo nampitomboina tamin'ny alàlan'ny fanisana tsy tapaka ireo karazana fanohanana azo na efa nokasain'ny mpisehatra hafa. Tsy mbola misy anefa ny fomba fiasa mifototra amin'ny famantarana sy fanehoan-kevitra voasaina mahakasika ny fifamenoana mety hisy na miafina natao.

Tabilao 1: Ny fiantraikan'ny tetikasa amin'ireo tondro

| | SEKOLY MAHAZO TOMBONTSOA | | | SEKOLY MÔDELY | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Dingana** | **Alohan'ny tetik'asa** | **Aorian'ny tetik'asa** | **Fivoarana** | **Alohan'ny tetik'asa** | **Aorian'ny tetik'asa** | **Fivoarana** |
| **Ny tahan'ny mpianatra/ efitrano** | 103,67 | 64,78 | -38,89 | 68,3 | 64,13 | -4,17 |
| **Ny tahan'ny efitranon'ny mpianatra /efitry ny toeram-pivoahana** | 293,86 | 140,12 | -153,74 | 173,79 | 167,63 | -6,16 |
| **Salan'isan'ny isan'ny sekoly** | 334,84 | 573,14 | 238,3 | 239,94 | 259,15 | 19,21 |
| **Tahan'ny famerenan-taona** | 22,49% | 14,86% | -8% | 22,09% | 24,17% | 2% |
| **Taham-pandaozana fianarana** | 7,06% | 6,36% | -1% | 7,34% | 11,05% | 4% |
| **Taham-pahombiazana amin'ny fanadinana CEPE** | 35,82% | 62,98% | 27% | 42,71% | 34,43% | -8% |
| **Tahan'ny fisoratana anarana** | 75,50% | 91,45% | 16% | 71,34% | 78,09% | 7% |

### VOKATRA/FIANTRAIKANY

Nisy fiantraikany lehibe teo amin'ny voka-pianarana ny PC ary nitondra ny anjara birikiny tamin'ny fanatsarana ny tondrompandrosoan'ny sekoly, indrindra tamin'ny fitomboan'ny isan'ny mpianatra, ny fampihenana ny taham-pandaozana sekoly sy ny famerenan-taona ary ny fanatsarana ny taham-pahafahana tamin'ny fanadinana CEPE. (Tabilao 1). Na izany aza, ny fiantraikan'ny PC amin'ny fijanonana an-tsekoly dia mbola kely. Ny PC dia nandray anjara tamin'ny fampiroboroboana ny fomba fiasa HIMO. Nampiroborobo be ihany koa ny fanofanana sy ny fampiasana tanora sy ny lehiben'ny toeram-panorenana izany.

### FAHAVELOMANA/FAHARETANA

Mandray anjara maharitra amin'ny fananganana tranobe mahatanty rivodoza izay mifanaraka amin'ny toetr'andro any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara ny PC. Manampy izany ny fandraisan'anjara mavitriky ny fokonolona amin'ny fanatanterahana ny hetsika PC sy ny famoronana rafitra anatiny sy mahaleotena amin'ny fikojakojana ny fitaovan'ny sekoly sy ny fotodrafitr'asa ary ny fampandrosoana ny sekoly. Ny paikady anatiny dia voaporofo fa fomba iray ampy hiantohana ny faharetan'ny vokatra.

Fomba iray hafa mahomby ihany koa ny fanofanana arak'asa ho an'ny tanora, izay paikady mahomby amin'ny famoronana asa sy fahazoana fidiram-bola mendrika ary manampy amin'ny ady amin'ny fahantrana. Mbola azo hatsaraina ihany koa ny fampivondronana ny olona sy ny loharano ara-bolan'ny sampandraharaha sy fikambanana mpiara-miombon'antoka voakasiky ny fanofanana na fanaraha-maso. Ny fampitomboana ny firindrankevitra eo amin'ny hetsika samihafa amin'ny PC dia hanome vahana ny fisandratana na ny fanamafisana ny fiaraha-miasa mahasoa.

## Tolo-kevitra

### HO AN'IREO MASOIVOHO TELO:

**R1:** Mamorona hetsika iombonana, iraisan'ny sampan-draharaha maro tafiditra ao anatin'ny rafi-tsain'ny tetikasa «Miray hina anaty asa». Tafiditra ao anatin'izany ny famantarana ireo mpiara-miombon'antoka, ny fiaraha-miasa amin'izy ireo, ny fanitarana ny iraka ataon'ny Programme Officer Terrain (POT) ary ny fanamafisana ny rafitra fanaovana tatitra (laharam-pahamehana ambony, antomotr'ezaka, enti-manana antonony, stratejika).

**R2:** Mamerina mijery ny fomba fananganana trano fisakafoanana any an-tsekoly, indrindra ny fanaterana sakafo, amin'ny alàlan'ny famaritana ny môdely fampandehanana sy ara-pitaovana mora kokoa sy tsy dia lafo loatra (ahena ny saran'ny fitaterana). Ilaina ihany koa ny famporisihana ny asa fandraisana andraikitra izay miteraka vokatra ho an'ny toe-karena eo an-toerana/ambanivohitra ary ampidirina bebe kokoa amin'ny sehatra manodidina ny sekoly sy ny fiaraha-monina ireo hetsika miteraka asa toy ny fanamboarana ny lakandrano fanondrahana (laharam-pahamehana ambony, antomotr'ezaka, enti-manana antonony, stratejika).

**R3:** Mamolavola sy mampihatra fomba fitantanana mifototra amin'ny vokatra, miaraka amin'ny fametrahana rafitra fanaraha-maso sy fanaovana tomban'ezaka tsotra nozarain'ireo masoivoho telo; ao anatin'izany ny angona fototra sy ny tanjona, ny tondro ara-bola sy ara-teknika mba ahafahana manao tomban'ezaka matotra momba ny vokatra. Izany fomba fiasa izany dia tokony ahitana rafitra lojika ihany koa (lasitra mampiseho vokatra miaraka amin'ny tarehimarika fototra sy tarehimarina tiana ho tratrarina), teôrian'ny fiovana, paik'ady fitantanana risika ary paik'ady fivoahana hiantohana ny faharetan'ny tetik'asa (laharam-pahamehana ambony, antonon'ezaka, enti-manana lehibe, azo ampiasaina).

**R4:** Mamorona paikadim-pifandraisana sy sehatra fifampizaràna fahalalana momba ny lesona nianarana sy ny fomba fanao tsara nampiharina nandritra ny asa fandraisana andraikitra isan-karazany (laharam-pahamehana ambony, antonon'ezaka, enti-manana goavana, stratejika).

### HO AN'NY MEN:

**R5:** Atao laharam-pahamehana ambony indrindra ny vokatry ny fianarana amin'ny alàlan'ny fifantohana bebe kokoa amin'ny fampiroboroboana ny kalitao sy ny famporisihina ny mpampianatra, amin'ny lafiny iray, ary amin'ny fanaraha-maso sy ny fanoroana hevitra ny mpampianatra, amin'ny lafiny iray hafa (laharam-pahamehana ambony, antonon'ezaka, enti-manana goavana, stratejika).

**R6:** Manome enti-manana bebe kokoa ho an'ny rafitra eo an-toerana satria mitana anjara toerana lehibe amin'ny fampiharana ny politikan'ny fanabeazana sy ny fanaraha-maso eo an-toerana izy ireo (laharam-pahamehana ambony, antomotr'ezaka, enti-manana antonony, azo ampiasaina).

### HO AN'IREO MASOIVOHO TELO, NY MEN SY IREO ANDRIM-PANJAKANA HAFA:

**R7:** Havaozina ny fandrafetana ny fandaharan'asa ary ampidirina anatin'izany ny fomba fiasa arahana andrana, ahitana vondrona môdely mba ho fototry ny fampitahana (laharam-pahamehana ambony, antomotr'ezaka, loharanon-karena ambany, azo ampiasaina).

**R8:** Mampiditra rafitra feno fandrafetana fandaharana mba hanomanana sy handrefesana ny fiaraha-miasa (5W: Iza? Inona? Aiza? Rahoviana? Ho an'iza?) eo anivon'ilay sehatry sy amin'ny lafiny maro samihafa, mba hahafahana mamantatra misimisy kokoa ny filàna eny an-toerana sy ahafahana mamolavola fandraisana anjara voarefy tsara (laharam-pahamehana ambony, anton'ezaka, enti-manana ambany, afaka ampiasaina sy stratejika.


*Laharan-tariby*

**Craig Naumann**
Lehiben'ny iraka
EuroPlus Consulting & Management
mailaka: ccnaumann@yahoo.com

**Joyce Patricia Bheeka**
Lehiben'ny Sampana Fanabeazana
UNICEF Madagascar
Mailaka: jpbheeka@unicef.org

**Ndriakita Solonionjanirina**
Manam-pahaizana manokana momba ny Fikarohana sy ny fanaovana tomban'ezaka
UNICEF Madagascar
Email: nsolonionjanirina@unicef.org



**© 2022 Tahirim-bolan'ny Firenena Mikambana ho an'ny ankizy**

Ity famintinana fohy ity dia mifototra amin'ny tatitra momba ny tomban'ezaka voafintina mahakasika ny fandaharan'asa iraisana « Fanabeazana ho an'ny rehetra » eto Madagasikara (2015-2021), izay azo alaina ao amin'ny https://www.unicef.org/madagascar/rapports

Ity antontan-taratasy ity dia mikendry ny hanamora ny fifampizaràna fahalalana eo amin'ny UNICEF sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy. Ny votoatin'ny tatitra momba ny tomban'ezaka sy ny famintinana fohy mahakasika ny tomban'ezaka dia tsy voatery maneho ny fomba fijery sy ny politikan'ny UNICEF.